# Fiteny Tian'Andriamanitra

Soratra : Gholam Reza Haidari Abhari
Sary : Samané Yari



Association Coranique de Madagascar

# Fiteny Tian'Andriamanitra

Soratra : GHOULAM REZA HAIDARI ABHARI

Sary : SAMANE YARI

Imprimerie : Decodif

Natonta voalohany : 2013

Isa voatonta : 1000

Natontan'ny : Association Coranique de Madagascar




## NY TENY HOE: « BISMILLAHI »





## NY TENY HOE: « BISMILLAHI »

Ny ahy Isaky ny te hamaky boky, na koa
ho any am-pianarana ,na hisakafo, na inona
na inona tiako atao dia izao foana no teneniko
aloha « BISMILLAHI RAHMANI RAHIM »
Izany hoe : « Amin'ny Anaran'Andriamanitra ilay be-Indrafo,
Ilay Mpamela heloka .».
**Tian'Andriamanitra ny teny hoe : « BISMILLAHI RAHMANI RAHIM»**



NY TENY HOE: « SALAM »



Ny ahy rehefa mankao amin'ny fanaova-mofo
dia ataoko (Salam) ny mpanao mofo ,

Ny ahy rehefa mahita mpiara-monina amiko
dia ataoko Salam izy ;

Ny ahy rehefa mifoha ka mahita ny reniko,
dia ataoko (salam) izy

Ny ahy rehefa avy miasa Dadanay dia
ataoko (Salam) izy.

Ny dikany « SALAM » dia hoe: manantena
aho fa ho ao amin'ny fiadananan'Andriamanitra
mandrak'ariva ianao


Valisoa be dia be no homen'Andriamanitra
ny olona izay manao « SALAM »

**tian'Andriamanitra ny teny mahafinaritra
hoe: « SALAM »**



# IREO TENY FISAORANA :

Rehefa mamelatra lambanana Neninay ary mandroso sakafo,dia misaotra azy aho manao hoe: « Neny malala ô, misaotra betsaka nahandro sakafo ho anay » .





Rehefa mampindrana gaoma ahy ny namako dia misaotra azy aho manao hoe: «Misaotra anao ry sakaiza  nampindrana gaoma » .

Rehefa manome zavatra ahy Dadabenay ka hisaotra azy aho dia izao no lazaiko: « Dadabe tiako ô !, misaotra amin'ny fanomezana » .

**Tian'Andriamanitra ny teny hoe Misaotra betsaka, Misaotra, Mankasitraka.**







## IREO TENY FIRARIAN-TSOA « Douan »

Ny ahy rehefa mirary soa ho an'ireo mpiara-monina sahirana dia hoy aho hoe: « Andriamanitra ô !, ataovy manankarena ny mpiaramonina aminay ary avoty amin'ny fahantrana izy » .

Ny ahy rehefa mirary soa ho an'ny Nenitoanay marary dia hoy aho hoe:

« Andriamanitra ô !, tsara fanahy be Nenitoanay, sitrano izy. Meteza Ianao han ».

Ny ahy Rehefa mirary soa ho an'ny tenako dia hoy aho hoe: « Andriamanitra ô !, ampio aho tsy ho voafitak'I Satana, sady tsy ho voasarika amin'ny fanao ratsy ».

**Tsy leo mandre ny firarian-tsoa atao amin'olombelona Andriamanitra. Tiany koa ireo teny firarian-tsoa ataon'ny Mpanompony.**

## Ireo teny fibabohana sy fibebahana

Ny ahy raha mandainga dia manenina avy hatrany dia hoy aho amin'Andriamanitra: "Andriamanitra ô !, mibebaka aminao aho fa nandainga »

Ny ahy raha tezitra ka mikitakita



ny zandriko vavy,vetivety foana dia
tsapko ny hadisoako ka manatona azy
aho aloha miala tsiny,avy eo dia hoy aho
amin'Andriamanitra:"Andriamanitra ô !,
mamela ahy fa nikitakita
ny zandriko vavy aho."



Ny ahy rehefa tsy Mankato ny
Neninay ka sorena izy,
dia manatona aho manoroka azy
hiverenan'ny tsikiny indray;avy eo dia
hoy aho amin'Andriamanitra:"Andriamanitra ô !,
mifona Aminao aho fa nanao izay nahasorena
ny Neninay »

Mamela faingana ny olona mifona noho ny heloka
vitany Andriamanitra. **« Tian'Andriamanitra ny teny
hoe:"Andriamanitra ô !, mamela ahy.
Andriamanitra Raiso ny fifonako ».**

## IREO TENY FAMPAHEREZANA :

Tsy azon'ny mpiray kilasy amiko iray omaly ny lesona amin'ny taranja kajy , dia nalahelo be izy. Nampahery azy aho hoe: « Aza malahelo fa rahampitso hazavain'ny mpampianatra indray ny lesona, dia ho azonao amin'izay raha sitrak'Andriamanitra. » Roa andro lasa izay




hitako nalahelo be ny Zandriko faravavy.
Rovitra mantsy ny ankanjony vaovao dia nalahelo izy,
Izao no nolazaiko azy: « Aza malahelo Indry
fa mpanjaitra mahay I Neny , ka hozairiny ny
akanjon-dry ary hiverina ho toy ny taloha »

Herinandro lasa izay vaky ny kodiaran'ny bisikiletan'ny
namako iray. Nalahelo be izy noho izany zavatra kely
tsy nampoizana izany.Dia hoy aho taminy : « Tsy misy
mampalahelo izany!. Fa Ingahy Hassan dia mpanamboatra
bisikileta, ka vetivety foana dia ho tampenanany
ny kodiaran'Ise. »

Isika izay mahita olona ory sy malahelo dia
tokony hanala alahelo azy ary hanome teny mampahery.

**Tian'Andriamanitra ireo teny manome fanantenana
sy fampaherezana.**





## IREO TENY FAMPIHAVANANA:


Ny ahy raha mahita fa misy mifandrafy ny roa amin'ireo mpiray kilasy amiko, na ny roa amin'ireo ankizy mpiara monina amiko, na ny roa amin'reo zanakin'ny mpiraitampo amin'ny Ray aman-dreniko dia iresahako izy ireo ary ampihavaniko.

**Tian'Andriamanitra ny fampihavanana ny olona sy ireo teny fampihavanana.**

## IREO TENY MITORY FITIAVANA:

Indraindray sakambiniko Neninay dia ilazako hoe:
« Neny malala ô !, mitafotafo ny fitiavako anao. »

Indraindray ataoko eo an-tsoriky ny Dadanay




ny sandriko dia ilazako izy hoe:
« Dada malala ô !, tiako,  tiako be ianao. »

Indraindray koa mankany amin'ny Dadabe
sy Neninibe nay aho  dia ilazako izy ireo hoe:
« Dadabe sy Neny be ô!, tsarafanahy be ianareo
ka tiako tahaka an'I Dada sy Neny.»

tena ny mahasoa ny mitory fitiavana.

**Tian'Andriamanitra koa ireny teny ireny.**



## « الحمد لله »

## NY TENY HOE : « AL HAMDO LILLAHI »

Ny ahy rehefa avy misakafo dia misaotra an'Andriamanitra  amin'ny teny hoe: « Al Hamdo Lillahi ».

Izaho rehefa mividy akanjo vaovao,



ka anaovako dia  misaotra an'Andriamanitra amin'ny teny hoe:  « AL HAMDO LILLAHI ».


Ny ahy rehefa misotro rano, ka afaka hetaheta dia misaotra an'Andriamanitra nohon'ny  fahasoavana ao amin'ny Rano  ka hoy aho hoe: « AL HAMDO LILLAHI ».

Ny dikan'ny teny « AL HAMDO LILLAHI »,
dia ny hoe: Misaotra anao aho Andramanitra ô !,
nohon'ny fahasoavana izay nomenao ahy  »

**Tian'Andriamanitra ny teny  hoe: « AL HAMDO LILLAHI ».**







## IREO TENY FANOROANA:

Ny ahy Raha mahita olona mitondra Adiresy ka mitady ilay toerana dia atoroko izy ary lazaiko azy izay tokony halehany .

Ny ahy raha mahita fa tsy hain'ny namako ny  fomba hanaovana ny asa Tanana ao am-pianarana dia atoroko izy.

Rehefa tsy hitan'ny zandriko faravavy ny saribakoliny dia atoroko azy ny toerana misy ilay saribakoly .

Ny fanoroana  ny hafa dia zavatra tsara sy mendrika .

**Valisoa no omen'Andriamanitra atsika amin'izay teny ampiasain-tsika hanoroana ny hafa .**
**Ary tian'Andriamanitra ireny teny ireny.**



## NY TENY FANAOVAM-BELOMA:

Ny ahy Rehefa ho any am-pianarana dia mifanao veloma amin'ny Neninay dia hoy aho hoe: "FIAMANILLAHI" ry Neny malala.

Ny ahy rehefa hisaraka amin'ny miara mianatra amiko dia izao no lazaiko azy veloma finaritra ry namana.

Ny ahy rehefa miaraka amin'ny Dada sy Neninay ka mamangy ny mpiraitampo amin'izy ireo dia manao veloma ny tompon-trano rehefa mody dia izao no lazaiko hoe: «FIAMANILLAHI»



Ny hoe: «FIAMANILLAHI» dia midika hoe: enga anie Andriamanitra hiaro anao amin'ireo loza aminantambo.

Satria efa tonga amin'ny farany amin'ity boky ity isika dia hanao hoe: «FIAMANILLAHI» ry mpamaky hajaina.

## RY RAY AMAN-DRENY SY MPANABE HAJAINA

Manana ny lanjany manokana eo amin'ny fanabeazana ny tanaraka ireo zavatra inoana sy maharesy lahatra antsika eo amin'ny fivavahana. fa mavesan-danja noho ny hafa ary manana ny fiantraikany manokana ny finoana an'Andriamanitra tokana.

Ny finoana an'Andriamanitra lehibe dia tsy vitan'ny mitondra fanantenana sy fahavitrihana ary filaminan-tsaina ao am-pon'olombelona fotsiny,fa miteraka koa fitondran-tena sy fomba fiteny mendrika sy mahasoa ary voahevitra.

Noho izany, arakaraka  ny hamelaran-tsika sehatra hitiavana sy hanakaikezan'ny tarana-tsika an'Andriamanitra be indrafo,no hanan'izy ireny fihetseham-po tsara kokoa sy hidirany amin'ny fitondran-tena sy fomba fiteny araka ny soatoavina.

Izany no tanjona kendren'ny Boky mitondra ny loha-teny hoe: «IREO TENY TIAN'ANDRIAMANITRA »

Rehefa avy mamaky io asa soratra io, ireo zana-tsika dia ho hitany ny hamafin'ny fifamatoran'ny finoana an'Andrimanitra sy ny teny fanaony andavanan'adro ary ho tsapany ny lanjan'ny fisian'Andriamanitra ao amin'ny fiainany .

Ity asa soratra  ity dia novokarin'ny **Houjatou-l'Islam Haidari Abhari** izay efa nahavita be eo amin'ny sehatry ny asa soratra fampianarana  ny ankizy ny mahatokana an'Andriamanitra. (Ireo teny tian'Andriamanitra dia fanohizana ny ezaka vita teo aloha ary manokatra fomba fiasa vaovao eo amin'io sehatra io.





DIA MBA VALIO

@ Sa947412@gmail.com





A.C.M

**Association Coranique de Madagascar**

